
BVLac

TFNAC: Task Force Nationale de l'Agriculture de Conservation

Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture



# VOLY RAKOTRA

## Faritra Afovoany Andrefana-Afovoany Atsinanana

# Fampivadiam-boly fanao eny amin'ny tanety kotra



Ity torolalana ara-teknika ity dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny tetik'asa BVLac izay niarahan'ny CIRAD, BRL ary AVSF namolavola, novatsian'ny AFD/MPAE ara-bola, nohamafisina tamin'ny traikefa sy ireo torolalana avy amin'ny GSDM, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerena manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fanjariantsakafo sy ny miralenta.

Ity torolalana ity dia mikendry manokana ny faritra Afovoany Andrefana sy Afovoany Atsinanana eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traikefa hita sy azo tamin'ny faritra manodidina an'i Mandoto sy Ambatondrazaka.


**Zava-misy amin'ny ankapobeny**

- Mizaka ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro.
- Mihasimba hatrany ary haingana ny tontolo iainana.
- Mihamarefo ny mpamboly madinika eo amin'ny lafiny tsy fanjariantsakafo.















**Tanjon'ny torolalana ara-teknika :**

- Ahazoana mamokatra sy mamelona ny tany izay efa kotra indray
- Hiarovana sy hanatsarana ny tsiron'ny tany
- Hiatrehana ny fiovan'ny toetrandro
- Hampihenana ny saram-pamokarana sy hampitombo ny karazam-bokatra
- Hanatsarana ny fanjariantsakafo

**Tsy mamaly intsony ireo zava-misy ireo ny fomba fambolena mahazatra amin'izao fotoana izao.**

**Fomba mahazatra :** miasa tany, tsy lavorary ny fitantanana ny voly, tsy ampy ny zezika ampiasaina, miezaka ny mamboly vary na katsaka foana na dia tsy hahazoam-bokatra aza izany

**Olana :** kaohan'ny riaka ny nofontany, mihena ny tsiron'ny tany, mirongatra ny ahidratsy (striga), miakatra be ny asa amin'ny fikarakarana ny voly, mihasimba hatrany ny tany ary mety tsy hamokatra intsony

**Vahaolana : mampihatra ny VOLY RAKOTRA**

Tsy tombanana intsony ny tanimboly afa-tsy amin'ny taona voalohany, mampihatra ny fifandimbiasam-boly, mitazona hatrany ny rakotra mandavan-taona eo amin'ny tanimboly





# Ireo fifandimbiasam-boly azo ampiharina

## Taona Voalohany

1. Mangahazo + stilozantesy
2. Voanjo na voanjobory + stilozantesy
3. Legiominezy volena amin'ny rapanitra (Tsaramaso, voanemba, Voanjo,Voanjobory)+ stilozantesy












## Taona Faharoa

1. Stilozantesy







## Taona Fahatelo

1. Katsaka + stilozantesy
2. Vary + stilozantesy











# Ireo fomba fampiharana azy

## Ireo karazamboly amin'ny taona voalohany



| Septambra – Novambra<br>Mamboly mangahazo (1mx0,6m) | Janoary – Febroary<br>(Miava, mamboly Stylosantesy) | Fiotazana manomboka eo amin'ny fahaherintaona araka ny karazany |
|---|---|---|



| Novambra – Desambra<br>Mamboly voanjo (40 cm x 20 cm) | Janoary – Febroary<br>Miava, Mamboly Stylosantesy) | Fiotazana afaka 3 - 4 volana |
|---|---|---|



Mitifitra amin'ny glyphosate 5l/ha, mamboly voanjo 30 cm x 30 cm

Miava Mamboly Stylosantesy

| Novambra - Desambra | Janoary - Febroary | Fiotazana afaka 3 - 4 volana |
|---|---|---|

## Ireo karazam-boly amin'ny taona faharoa





Mamono bibikely amin'ny Cypermethrine 0,25 l/ha

Mioty ambioka Stylosantesy

## Ireo karazam-boly amin'ny taona fahatelo



| Novambra - Desambra<br>Manomana ny tanim-boly Mamboly Katsaka 120 cm x 40 cm | Janoary - Febroary<br>Maniry anaty katsaka ny Stylosantesy | Martsa - Aprily<br>Mioty ny vokatra katsaka |
|---|---|---|



| Novambra - Desambra<br>Manomana ny tanim-boly Mamboly Vary | Janoary - Febroary<br>Maniry anaty Vary ny Stylosantesy | Martsa - Aprily<br>Mioty ny vokatra vary |
|---|---|---|

# Ny tombontsoa mety ho azo

- Hanomezan-danja ireo tany eny amin'ny tanety efa kotra mba hahafahana mamokatra voly isan-karazany
- Hanatsarana ny tsiron'ny tany.
- Hiarovana amin'ny fikaohan'ny riaka.
- Hanatsarana ny tany kotra hahafahana mamboly sy mamokatra maharitra.
- Hampihenana ny asa (tombana, fiavàna, …).
- Hampitomboana ny vola miditra ary koa hampihena ny filàna ara-bola.
- Hanamaivanana ny fampiasana ny zezika mineraly.
- Hahafahana mamokatra vilon'omby, indrindra ho an'ny mpiompy.







- ✓ Mamelona manokana ny tany kotra hahafahany mamokatra indray karazam-boly maromaro (vary, katsaka)
- ✓ Mampitombo arak'izany ny fahafahan'ny mpamboly miatrika ny fanjariantsakafo.
- ✓ Mitazona hamandoana ary mitazona hatrany ny tanjaky ny voly na dia misy aza fiaton'ny orana maharitra (tapa-bolana-iray volana).

- ✓ Hahafahana mamboly vao mirotsaka voalohany ny orana.
- ✓ Mampihena tanteraka ny fiavàna ny voly amin'ny taona manaraka rehetra (raha matevina tsara ny rakotra) izay asa mandany fotoana manokana ny vehivavy.
- ✓ Mampitombo ny fotoana hahafahan'ny vehivavy misahana ny fikarakarana ny tokantrano.



Mpiara-miombona antoka :

Mpamatsy vola :